REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

*Alarobia 24 may 2023 – Lapam-panjakana Iavoloha*

Notanterahina androany ny Filan-kevitry ny Minisitra izay notarihin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ary nahitana ny Praiminisitra sy ireo Minisitra isan-tokony.

## I- FAMPITANA AM-BAVA

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanatanterahana ny andiany faha-11 amin'ny Fikaonan-dohan'ny mpiara-miombon'antoka, eo amin'i Madagasikara sy ny Vondrona Eoropeana, izay hotontosaina ny 20 jona 2023 ho avy izao ao amin'ny efitrano fivorian'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny etsy Anosy.**

Lafiny telo mazava no hiompanan'ny dinika:

- ny zava-misy ara-politika any ivelany sy ny eto Madagasikara
- ny fijerena ireo tetikasa iarahan'ny 2 tonta ao anatin'ny NDICI-Global Europe sy ireo fanamby mipetraka eo amin'ny fiarahamiasan'I Madagasikara sy ny Vondrona Eoropeana mba hahafahana manatsara ny fanatanterahana ny tetikasa
- ny fiarahamiasa ara-toekarena, ny zavamisy ara-toekarena eto amin'ny firenena ary ny tontolon'ny fandraharahana eto Madagasikara

### MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

**Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hirosoan'ny Minisiteran'ny ati-tany sy ny fitsinjaram-pahefana amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa fampiasam-bolam-panjakana (PIP) taona 2023 :**

- Famitâna ny fanamboarana ireo birao manara-penitra ho an'ny Kaominina ambonivohitra miisa 3, kaominina ambanivohitra 3, ary biraon'ny fileovam-paritra miisa 2 izay efa natomboka ny taona 2020.
- Fanamboarana ny asa fanajariana ny tokontany sy ny fefy amina birao manara-penitra ho an'ny kaominina ambonivohitra miisa 15 sy kaominina ambanivohitra miisa 28 ary biraon'ny fileovana miisa 8 efa natomboka tamin'ny 2020.
- Ary ny fanamboarana biraon'ny distrikan'i Vohémar sy kaominina ambonivohitra Vohémar izay fampanantenana nataon'ny Filohan'ny Repoblika.

### MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

**Ho fanatanterahana ny veliranon'ny Filohan'ny Repoblika « fahasalamana ho an'ny rehetra ary amin'ny taona rehetra » dia nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanomezan-dalana hiroso amin'ny fanaovana ny dingana ara-panjakana sy ara-bola hanomezana ny fanampiana hizakana ny tahirim-bola vonjy aina (fonds d'urgence) eny anivon'ny Hopitalim-panjakana (CHU).** Raha tsiahivina dia fandaharanasa nataon'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ny hanaovana maimaim-poana ny fitsaboana vonjy aina voalohany rehefa tonga eny amin'ny sampan-draharahan'ny vonjy aina (service des urgences) amin'ny hopitalim-panjakana ny marary, mba hitsinjovana ireo fianakaviana tena sahirana.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO**

**Manoloana ny fahasahiranana lehibe izay lalovan'ny orinasa JIRAMA ankehitriny dia nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny firosoana amin'ny fitakiana ny trosa tokony hiditra amin'ny orinasa teo anelanelan'ny 2018 ka hatramin'ny 2022. Noho izany dia hatsangana eo anivon'ny orinasa ny sampandraharaha manokana hanao « recouvrement » ka raha ilaina dia azo heverina ny fakana ny traikefa avy amina orinasa tsy miankina na « consultant » efa matihanina amin'ny fitakiana vola hanampy amin'ny fananganana io sampandraharaha manokana io. Tafakatra hatrany amin'ny 200 miliara Ariary any ny trosan'ny orinasa JIRAMA vidin-jiro sy rano tokony haloan'ny mpanjifa kanefa tsy naloany tao anatin'ny 5 taona farany ka manampy trotraka ny fahasahiranana iainan'ny orinasa ankehitriny izany.**

**Mbola ho famahana ny olan'ny orinasa JIRAMA ihany dia nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hirosoana amin'ny fitantanana ny fahaverezana ara-teknika amin'ny fitsinjarana herinaratra avy amin'ny orinasa.** Ny fahaverezana ara-teknika tahaka izany moa dia fahita maneran-tany, eo ho eo amin'ny 10 ka hatramin'ny 15% ny herinaratra izay tsinjaraina no ahitana fahaverezana raha ny salan'isa maneran-tany, fa ho antsika eto Madagasikara dia tafakatra hatrany amin'ny 30% eo izany. Mitombana eo amin'ny 150 miliara Ariary isan-taona eo io fahaverezana ara-teknika io, goavana dia goavana ka mila ahena. Ny vahaolana dia ny fametrahana rafitra ara-kajy mirindra sy rindram-baiko hanaovana fanarahamaso sy fijerena ny famokarana, ny fitaterana ary ny fitsinjarana ny herinaratra. **Misy orinasa manam-pahaizana manokana sy matihanina amin'izany rafitra ara-kajy mirindra izany maneran-tany, ka hiroso amin'ny fanaovana *"appel à manifestation d'intérêt"* ny JIRAMA mba hijerena izay orinasa tena manana ny teknolojia, ny traikefa ary manana tolotra tsara indrindra hamaly ny filantsika eto Madagasikara.** Fomba fanomezana tsenan'asam-panjakana antsoina hoe "EPC+F" no hatao, izany hoe tsisy vola mivoaka avy amin'ny Fanjakana Malagasy fa ny orinasa izay ho voafantina no hitondra ny famatsiam-bola sy hanao ny asa dia ny fitrandrahana ilay rafitra ara-kajy mirindra izay hapetraka ihany no hampiditra vola ho azy. Rehefa tapitra ny fifanarahana amin'izay orinasa ho voafantina eto dia lasan'ny Fanjakana Malagasy avokoa izay fitaovana rindram-baiko sy rafitra ara-kajy mirindra ho ampiasainy eo.

**MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

**Araka ny voalazan'ny andininy faha-87 ny didim-panjakana lf:2006-910 tamin'ny 19 aogositra 2006 dia faritana isan-taona amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ny sarany aloa amin'ny Fanjakana amin'ny resaka harena an-kibon'ny tany (frais d'administration minière-FAM) isaky ny efamira trandrahana, izay ampifanarahana amin'ny sandan'ny DTS (droit de tirage spécial) faritan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena isan-taona ihany koa arakaraky ny sandan'ny vola Ariary.** Tsiahivina fa ireo manana fahazoan-dalana eo amin'ny harena an-kibon'ny tany (fikarohana sy fitiliana ary fitrandrahana PR, PE, PRE) no mandoa io sarany io. Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra araka izany ny firosoana amin'ny famaritana ny sarany aloa amin'ny Fanjakana ho an'ity taona 2023 ity (FAM 2023) amin'ny alalan'ny didim-pitondrana hataon'ny Minisitera misahana ny harena an-kibon'ny tany.

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY HARENA AN-KIBON'NY TANY + MINISITERAN'NY FANOVANA SY NY FAMPANDROSOANA ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA ARY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

**Noraisin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny volavolan-drijatenin-dalàna entina mankatoa ny fifanaraham-pindramam-bola mikasika ny « Projet Connectivité Numérique et Energétique pour l'Inclusion à Madagascar (DECIM) » izay vita sonia teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana (IDA) tamin'ny 09 Aprily 2023. Ity tetikasa ity dia hahafahana mamatsy angovo sy fifandraisan-davitra ho an'ireo toerana mbola tsy misitraka izany eto Madagasikara.**

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOZAFIARISOA Hasinatiana Ambinintsoa,** ho "Coordonnateur Général du Programme de Réformes pour l'Efficacité de l'Administration (PREA)".

**MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-643 tamin'ny 24 jona 2020 manendry ny **Colonel RAKOTOMANANA Jean Patrick**, ho Directeur du Bureau Planification des Opérations de l'Etat-Major des Armées.

**MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA, NY ASAM-PANJAKANA ARY NY LALANA SOSIALY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-972 tamin'ny 03 may 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMBOLOLONIAINAHARY Rolland Romuald**, ho "Directeur des Affaires Financières et de la Gestion du Patrimoine"

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RALAINIRINA Razokiny Eric**, ho "Directeur des Etudes, de la Recherche et de l'Assurance Qualité de l'Institut Supérieur de Technologie d'Ambositra"(IST-A).

**<u>MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA</u>**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZANANTSOA Brassilive David**, ho "Directeur de la Gouvernance et des Relations Internationales" (DGRI)
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-525 tamin'ny 13 aprily 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RANTOANDRO Tokiniaina**, ho "Secrétaire Permanent du Comité Interministériel de la Jeunesse" (SP/CIMJ)
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-997 tamin'ny 06 jolay 2022 ary manendry an-d**Ramatoa RAJAONARIVELO Faly Iharisoa**, Directeur de la Jeunesse et Rayonnement International (DJRI)

**Natao ny 24 may 2023**
Ny Mpitondra Tenin'ny Governemanta
Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina
**Lalatiana RAKOTONDRAZAFY**

Ny Mpitondra Tenin'ny Filoham-pirenena,
Talen'ny Serasera sy ny Fifandraisana amin'ny Daholobe
Ny Fiadidiana ny Repoblika
**Lova Hasinirina RANOROMARO**